



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-63

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY
ALAROBIA 26 NOVAMBRA 2025 KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 3 DESAMBRA 2025**

Fivoriana Faha-13
Natao ny
Alarobia 26 Novambra 2025
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa TSARADIA Marco

MPITANTSORATRA : Andriamatoa isany : - IBRAHIM Issa Charles
- MAMIHAJA Charlot

FOTOANA : Alarobia 26 Novambra 2025, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA : Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 26 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia 3 Desambra 2025.

Nitohy ny Alarobia 26 Novambra 2025, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TSARADIA Marco, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena miasahana ny Faritanin'i Toliara no nitarika izany.

Niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana rehefa avy niarahaba ny mpivory,.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot.

Rehefa izany, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, mbola niangavy ny Mpitantsoratra indray ny tenany mba hamaky ny famintinana ny Diniky ny Filoha.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao ny fivakiny :

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAROBIA FAHA-26 NOVAMBRA 2025

Nivory ny Alarobia 26 Novambra 2025 nanomboka tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TSARADIA Marco, Filohan'ny Antenimierampirenena misolo toerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana sy fialan-tsiny amin'ny fahataran'ny fotoana no nanombohany ny fitenenana.

Nohazavainy avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 26 Novambra 2025, tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory ka nisy ireo fanitsiana nentina tamin'izany.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia 26 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia 3 Desambra 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia 26 Novambra 2025, amin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, handraisana fanapaha-kevitra farany.

(Vakiana ny tovana)

Ordre du Jour

Pour la période du **mercredi 26 novembre 2025** au **mercredi 3 décembre 2025**

MERCREDI 26 NOVEMBRE 2025

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent -(Salle BP)

14H 00 : Conférence des Présidents - (Salle B.P)

15H 00 : **SEANCE PLENIERE**- (Salle des Séances)

Adoption de l'Ordre du jour

JEUDI 27 NOVEMBRE 2025

10H 00 : **SEANCE PLENIERE** - (Salle des Séances)

Rencontre avec le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures sur la JIRAMA avec la présence effective des principaux partenaires de cette dernière.

MARDI 02 DECEMBRE 2025

SEANCES PLENIERES- (Salle des Séances)

09H 00: **Rencontre avec la Ministre de la Population et des Solidarités**

15H 00 : PROPOSITION DE LOI n°001-2025/PL sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national Malagasy, présentée par le Député ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, élu dans le District d'Ambositra (**2^{ème} LECTURE**)

MERCREDI 03 DECEMBRE 2025

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP)

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	AFAKANDRO Christian	Vice-Président
2	ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa	Vice-Président
3	IBRAHIM Issa Charles	Vice-Président
4	MAMIHAJA Charlot	Troisième Questeur
5	RAKOTOSON Hubert	Rapporteur Général
6	RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS	NOMS ET PRENOMS
1	Commission Juridique	RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
2	Commission Décentralisation et Aménagement du Territoire	RAJOELINA A.Seth
3	Commission Economie et Finances	RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
4	Commission de la Sécurité publique	NAKANY Charly Zafimagnely
5	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	HANOGNONA Herve
6	Commission des Transports et de la Météorologie	RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona
7	Commission de l'Environnement et du Développement Durable	RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin
8	Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du territoire	RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry

REPRESENTANT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOMS
1	FIRAIANKINA	ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina Rajaobelina Mary Thomasson

Représentants du Gouvernement :

- ANDRIAHERIZO Rufin Primature
- ANITTA Léonce Primature

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoatra tamin'ny famakiany ny Famintinana ny Diniky ny Filoha, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanambara Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, fa manana fanamarihana momba ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny Alakamisy 27 Novambra 2025 ny tenany. Efa samy nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ny Minisitry ny Angovo sy ny « syndicat »-n'ny mpiasan'ny JIRAMA. Nanontany ny tenany raha hiaraka ho tonga eto amin'ny Lapa izy ireo na tsia amin'io fotoana io.

Nangatahany koa mba ho tonga eto ny mpitantana sy ny solotenan'ny mpiasan'ny orinasa JIRAMA mba hipoiran'ny marina amin'ity orinasam-panjakana ity.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa Andriamatoa Minisitry sy ireo Tale teknika ary ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa JIRAMA ihany no hantsoina hanatrika ny fivoriana fa tsy nasaina ny « syndicat ».

Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard kosa, nangataka mba izay tena tomponandraikitra voalohany ao amin'ny orinasa JIRAMA no ho tonga hanatrika ny fivoriana, fa tsy solotena indray no halefany ato amin'ny Antenimierampirenena satria zavatra goavana no hifampiresahana sy hodinihana miaraka amin'izy ireo.

Nangataka ny hiantsoana manokana ireo « syndicat »-n'ny mpiasan'ny JIRAMA kosa, Andriamatoa OLIVIER Rabeamina, raha nandray fitenenana satria ny mpiasa ao aminy no tena manana olana raha jerena avy etỳ ivelany ka tsara raha henoina izy ireo.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa vao tsy ela akory no noraisina tato amin'ny fivoriambé ny « syndicat »-n'ny mpiasan'ny JIRAMA ary nifampiresaka tamin'ny Solombavambahoaka izy ireo tamin'izany.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert kosa, nanontany raha mbola misy ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA na tsia ato amin'ny Antenimierampirenena. Nanontaniany koa raha mbola mpikambana ao amin'izany Vondrona Parlemantera izany ny antoko TIM raha toa misy io Vondrona io.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa niala tao amin'ny « plateforme FIRAISANKINA » any ivelan'ny Antenimierampirenena ny antoko TIM saingy mijanona ho mpikambana ao amin'ny vondrona parlemantera FIRAISANKINA kosa anefa izy ireo.

Nanambara kosa Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotrainsa Rajaobelina Mary Thomasson, raha nandray fitenenana fa mbola mpikambana ao amin'ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA ny antoko TIM satria tao no nahalany azy ireo tamin'ny fifidianana. Tao amin'ny vovonana FIRAISANKINA izay ivelan'ny Antenimierampirenena kosa izy ireo no nametra-pialana satria manohana izao fitondrana mijoro izao ny antoko TIM fa tsy mpanohitra intsony.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, indray nanambara fa tsy tokony hisy izany FIRAISANKINA ivelany na anatin'ny Antenimierampirenena izany. Nangataka ny hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny tenany ka rehefa miala ao amin'ny vondrona dia lasa « indépendant » satria izay no voalaza ao aminy.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona ary nanambara fa tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena aloha ny mpivory ary aorian'izay vao miady hevitra mikasika izany vondrona parlemantera izany.

Nanambara Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, fa mifampiapanga ny mpiasan'ny orinasa JIRAMA sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy ka tsara raha mifanatrika amin'ny Solombavambahoaka eto izy ireo rahampitso mba hahitana ny tena marina amin'ny antony mahatonga ny olana ao aminy sy lasa iainan'ny rehetra ihany koa.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa kosa nangataka ny handefasana mivantana amin'ny TVM ny fivoriana ifanatrehana'ny Solombavambahoaka sy ireo tomponandraikitra ao amin'ny JIRAMA mba ho fantatry ny vahoaka Malagasy ny tena zava-misy.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard dia nangataka ny mba hiantsoana ireo « syndicat »-n'ny mpiasan'ny JIRAMA hanatrika ny fivoriana miaraka amin'ny Solombavambahoaka mba ahitana ny olana sy ahafahana mamaha izany.

Andriamatoa RATOLOJANAHARY Arsène kosa nanamarika fa na maro aza ny isan'ny « syndicat » ao amin'ny toeram-piasana na orinasa iray dia roa ihany no isokajiana azy. Ny iray manohana ny mpitantana ny orinasa, ny faharoa koa manohitra izany. Tsara raha samy hantsoina ho avy eto amin'ny Antenimierampirenena daholo ireo sokajin'ny « syndicat » roa ireo.

Nanao satroka NAKANY Charly Zafimagnely ary nangataka ny hiantsoana solotena miisa roa isaky ny « syndicat » ho avy amin'ny fivoriana hatao rahampitso.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa MONG MANN Bismark, nanontany raha afaka mametraka fanontaniana amin'ireo teknisiana ao amin'ny orinasa JIRAMA ny Solombavambahoaka amin'ny fihaonana rahampitso io na mijanona ho mpanelanelana eo amin'ny mpitantana sy ny « syndicat » ihany.

Nanamarika kosa Andriamatoa RAZAKAMANANA André raha nandray fitenenana, fa tokony hantsoina hanatrika ny fivoriana rahampitso koa ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hevitra roa no nisongadina teo ka handraisan'ny fivoriambe fanapahan-kevitra izany. Niray ny hiantsoana ny « syndicat », ny faharoa ny fandefasana mivantana ny fihaonana amin'ny tomponandraikitra ny JIRAMA amin'ny TVM.

Momba ny fivoriana hatao ny Alakamisy 27 Novambra 2025, amin'ny 10 ora, maraina, mikasika ny hiantsoana ny « syndicat » hanatrika fivoriana miaraka amin'ny Solombavambahoaka, no nandraisana fanapahan-kevitra voalohany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny hiantsoana ny « syndicat »-n'ny mpiasan'ny JIRAMA hanatrika ny fivoriana hotanterahina rahampitso.

Mikasika ny fangatahan'ny Solombavambahoaka amin'ny hampitana mivantana amin'ny TVM an'io fivoriana hatao rahampitso Alakamisy 27 Novambra 2025, amin'ny 10 ora, maraina, kosa nambarany fa miankina amin'ny lafiny ara-teknika ny fanatontosana izany. Hiezaka anefa ny Birao Maharitra hifampiresaka amin'ny tompandraikitra voakasika ka ho hita eo ny hanaoavana azy na tsia.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny mpivory, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tanana, Solombavambahoaka miisa 39 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 26 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia 3 Desambra 2025.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany mba hampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka.

Nampahatsiahy ny mpivory, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, fa ny Alakamisy 27 Novambra 2025, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny « rencontre avec le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures sur la JIRAMA avec la présence effective des principaux partenaires de cette dernière », hatao ato amin'ny « salle des séances », ka nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana izany ny tenany.

Niato tamin'ny 4 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry